# Ilay Voa Tsara Nafafy 14 Septambra 2019

**14** **Asabotsy**
septambra

**Heroda mpanjaka naninjitra ny tànany hampahory ny sasany tamin'ny fiangonana. Ary izy namono an'i Jakoba, rahalahin'i Jaona, tamin'ny sabatra.**
Asan'ny Apostoly 12. 1, 2

**Eo an-tànanao ny androko.** Salamo 31. 15

### Nahoana no dia aloha be toy izany ?

Tamin'ireo mpianatr'i Jesosy roa ambin'ny folo, dia telo lahy no tena akaiky Azy indrindra : Petera, Jakoba, ary Jaona rahalahin'i Jakoba. Teo amoron'ny farihin'i Galilia ireo naman'i Jesosy ireo no niara-nantsoiny hanaraka Azy, ary izy ireo ihany no niaraka taminy nandritra ny toejavatra telo nanamarika ny fiainany :

— Teo amin'ny zanakavavin'i Jairo, izay natsangan'i Jesosy tamin'ny maty : „Tsy nisy navelany hiara-miditra taminy, afatsy Petera sy Jaona ary Jakoba, mbamin'ny ray aman-drenindrazazavavy" (Lioka 8. 51).

— Tany an-tendrombohitra, izay nampisehoan'i Jesosy ny voninahiny : „Dia nitondra an'i Petera sy Jaona ary Jakoba Izy, ka niakatra tany an-tendrombohitra hivavaka" (Lioka 9. 28).

— Tao an-tsahan'i Getsemane, izay nandraisan'i Jesosy avy tamin'ny Rainy ny kapoaky ny fahoriana, talohan'ny hanomboana Azy eo amin'ny hazofijaliana : „Ary nitondra an'i Petera sy Jakoba sy Jaona Izy, dia talanjona sady ory indrindra" (Marka 14. 33).

Ireo apostoly ireo dia nifamatotra akaiky tamin'ny Mpampianatra azy, ary nifamatotra tamin'izy samy izy, niara-vavolombelona zava-miavaka marobe teo amin'ny fiainan'i Jesosy. Kanefa ny iray tamin'izy ireo, i Jakoba, dia novonoina teo amin'ny fiandohan'ny fanompoany (Asan'ny Apostoly 12. 2). Nahoana no dia aloha be toy izany ? Nahoana no izy ? Fanontaniana toy izany no tonga ao an-tsaintsika, rehefa misy olona mandao antsika mbola tanora loatra na tena eo am-perinasa, kanefa toa mbola nanan-javatra maro hozaraina amin'ny manodidina azy. Matetika isika no tsy hahita valiny amin'ny fanontaniantsika, nefa aoka hatoky Ilay mihazona ny fiainantsika eny an-tanany. Navelany hitranga ny fahafatesan'i Jakoba aloha be, nefa niara-dalana tamin'i Petera sy Jaona kosa Izy, nandritra ny fotoana maharitra nanompoan'izy ireo teo amin'ny Fiangonan'ny Tompo.